



Fédération Sport Boules Malagasy

Siège Social : Lot 1116E- 210 Mahazoarivo - Atsimo, Antsirabe 110 – Madagascar

Tél. : (261) 33 14 148 22 ~ E-mail : fsbm@fipjp.com

www.fsbmalagasy.org

FAMOAHANA AN-GAZETY

Ny "Fédération Sport Boules Malagasy (FSBM)" dia mampahafantatra ny be sy ny maro, indrindra ny mpilalao sy ny mpitantana ny taranja tsipy kanetibe malagasy, fa ny "Fédération Internationale de Pétanque et Jeu Provençal (FIPJP)" sy ny "Comité International Olympique (CIO)" dia tsy mankatoa ary tsy miara-miasa amin'ny "Confédération Africaine de Pétanque (CAP)". Ny "Confédération Africaine de Sport Boules (CASB)" irery ihany no fikambanana afrikanina napetraky ny FIPJP sy ny CIO hitantana ny taranja tsipy kanetibe aty Afrika. Ny FSBM irery ihany koa no federasiona mitantana ny taranja tsipy kanetibe mijoro ara-panjakana sy mijoro ara-dalàna eto Madagasikara araka ny "Certificat de conformité N°109/19-MJS/SG/DGS" tamin'ny fanapahana N°28-2019 nomen'ny "Ministère de la Jeunesse et des Sports (MJS)". Ny FSBM dia mpikambana feno ao anatin'ny CASB araka ny fanapahana LN°203/CASB/PDT/SP-2019, ary misitraka feno ny fanomezan-dàlana hisolotena ny FIPJP eto Madagasikara izay nankatoavin'ny fahefana mpitantan'ny FIPJP.

Ny fandraisan'i Madagasikara anjara tamin'ny andiany faha-7 ny fiadiana ny ho tompon-dakan'i Afrika natao tany Lomé Togo ny volana jona 2019, nokarakarain'ny CASB, dia nahatafakatra ny ekipam-pirenena malagasy notarihin'ny FSBM hiatrika ny andiany faha-49 amin'ny fiadiana ny ho tompon-daka eran-tany olontelo lahy miaraka, araka ny taratasy fanamafisana voaray tamin'ny CASB ny 5 aogositra 2019. Ny fiadiana ny ho tompon-daka eran-tany dia ho tanterahina any Prilly Lausanne Suisse ny 16 ka hatramin'ny 19 jolay 2020, ary ny FSBM dia efa voaasan'ny FIPJP handray anjara sy hanolotra ny lisitry ny delegasion hisolotena an'i Madagasikara.

Ny fifaninana tsipy kanetibe karakarain'ny CAP any Ejipta ny 21 ka hatramin'ny 27 mars 2020 dia tsy ankatoavin'ny FIPJP. Ny fandraisana anjara amin'io fifaninanana io dia hiteraka fanasaziana avy amin'ny FIPJP. Ny FIPJP dia namerimberina nanaitra sy nampitandrina ireo mpitantana ny taranja tsipy kanetibe malagasy isantsokajiny, isan'izany ny MJS, ny COM ary ny FSBM mba handray fanapahan-kevitra mazava manoloana ny fandraisan'ny firenena malagasy anjara ao anatin'ny CAP. Misy mpikambana sasantsasany tao anatin'ny federasiona teo aloha "Fédération Malagasy de Pétanque (FMP)", izay efa tsy ankatoavin'ny FIPJP sy ny MJS intsony, mijoro ho tomponandraikitra ofisialy mitantana ny taranja tsipy kanetibe malagasy ao anivon'ny CAP. Hamafisina etoana fa ny "certificat de conformité" sy ny "attestation de fonction du président" ho an'ny FMP dia tsy manan-kery ara-panjakana intsony araka ny fanapahana N°097/19-MJS/SG/DGS nataon'ny MJS.

Noho izany, ny fifaninanana rehetra karakarain'ny CAP dia tsy ankatoavin'ny FIPJP ary tsy mahatafiditra amin'ny fifaninanana karakarain'ny FIPJP. Ny FSBM dia tsy tompon'antoka amin'ny mety ho fisian'ny delegasiona malagasy ofisialy mitondra ny sainam-pirenena malagasy any amin'io sarintsarina fiadiana ny tompondakan'i Afrika karakarain'ny CAP any Ejipta amin'ny volana martsa io. Ny FSBM dia manainga manampahefana tomponandraikitra tsy hanome fahazoan-dàlana izay mitonona ho delegasiona malagasy ofisialy ny taranja tsipy kanetibe handray anjara amin'io fifaninanana karakarain'ny CAP any Ejipta io, izay hiteraka fanohintohinana ara-piaraha-miasa amin'i Madagasikara sy ny FIPJP.

Natao tany Antsirabe ny 3 martsa 2020

Filohan'ny FSBM

RANDRIAMAROHAJA Dolys